



# Ny Feon'ny

# Mpiompy Trondro

n° 47

Ny gazetin'ny fiompiana trondro eto Madagasikara

Mivoaka isaky ny telo volana

Jolay 2020

## NY FIOMPIANA TRONDRO ENY ANIVON'NY TANTSAHA, HARENA HO AN'I MADAGASIKARA

### Vakinankaratra

Fiompiana trondro, fidiram-bolan'ny 75 isan-jaton'ny tantsaha ao Betafo (P. 4)

### Itasy

Ohatra iray maneho ny vokatra ara-toekaren'ny famokarana zana-trondro (P. 5-6)



### Atsinanana

Ny fiompiana trondro, asa tsara ahazoana miantoka ny filàn'ny ankohonana (P. 2-3)





## SASINTENY

Ry mpamaky hajaina,

Faly miarahaba anareo ny ekipan'ny gazety « Ny Feon'ny Mpiompy Trondro » na dia eo aza ny fahasahiranana ateraky ny valanaretina covid-19.

Lohahevi-dehibe asongadinay ao anatin'ity laharana ity ny harena ateraky ny fiompiana trondro eny anivon'ny tantsaha eo amin'ny toekaren'i Madagasikara. Na dia kely aza ny vokatra azo avy amin'ny toeram-pamokarana tsirairay mitaha amin'ny fomba fiompiana trondro hafa dia ahafahan'ny fianakaviana mamaly filàna fototra maro ny vola azo avy aminy. Misy fiantraikany lehibe eo amin'ny toekaren'ny fokontany, ny kaominina ary ny faritra avy eo ny fitambaran'ireo famokarana kely ireo. Ny ankamaroan'ny tantsaha koa dia mampifameno ny fiompiana trondro ataony amin'ny fambolena sy fiompiana hafa. Ny sasany amin'ireo asa ireo, toy ny voly fanondrana (letisy, jirofo...), dia ahazoana vola amin'ny fotoana voafetra ihany, ary misy amin'ireo koa, tahaka ny voly fihinana (vary, katsaka...), no tsy mampidi-bola firy na dia manome sakafo mivantana sy tsy iharan'ny olan'ny toekarena. Ny fiompiana trondro eny anivon'ny tantsaha kosa dia ahazoana tombontsoa roa miaraka : sakafo vokarin'ny tena sy azo ampiasaina avy hatrany ary fidiram-bola tsy azo tsinontsinoavina mandavantaona. Ny fanadihadiana nataonay tany amin'ny faritra Atsinanana, Vakinankaratra, Amoron'i Mania, Itasy sy ny fanaraha-maso ara-toekarena nataon'ny APDRA dia ahafahana mamoka tarehimarika misongadina, na eo amin'ny isan'ny zana-trondro izany, na eo amin'ny fatran'ny trondro vokatra na koa ny sandambola. Ny fitambaran'ireo atontanisa ireo dia maneho fa loharanon-karena lehibe ho an'i Madagasikara ny fiompiana trondro eny anivon'ny tantsaha.

Hatramin'ny faran'ny volana martsa, nahazo vahana teto Madagasikara ny valanaretina Covid-19. Hialàna amin'ny fipariahan'ny tsimokaretina sy hiarovana anareo koa dia voatery manohy ny fomba fiasany ny ekipan'ny APDRA, indrindra ny teknisianina. Hoahenanay ny fidinana ifotony, hoampiasainay bebe kokoa ny fifampiantsoana amin'ny alàlan'ny finday, hiezaka hanamboatra tolo-kevitra ara-teknika hahazoanareo mampandroso ny fiompiana ataonareo izahay. Tsy izany akory no vahaolana tena tsara ary fantatray tokoa ny fahasahiranana aterak'izany eo aminareo. Na eo aza anefa ny elanelana dia miezaka ny hanjohy anareo hatrany izahay. Aza misalasala àry miantso ny teknisianina mpiara-miasa aminareo, mangataka torohevitra aminy na miantso azy handalo any amin'ny toerana misy anareo.

Hiara-hientana hatrany anie isika rehetra amin'izao fotoan-tsarotra izao. Mirary soa ho anareo sy ny fianakavianareo !

**Ny ekipan'ny FMT**

## LOHAHEVITRA : Ny fiompiana trondro eny anivon'ny tantsaha, harena ho an'i Madagasikara

### Atsinanana

## Ny fiompiana trondro, asa tsara ahazoana miantoka ny filàn'ny ankohonana

*Mampidi-bola ny fiompiana trondro, ahazoana sakafo ary ahafahana mifanakalo tolo-draharaha mihitsy aza. Mpiompy trondro roa avy any amin'ny faritra Atsinanana no nosafidianay hanehoana izany aminareo.*

### Trondro, vary sy vola amin'ny fotoana rehetra

Alexandre Nirina, mpiompy trondro ao amin'ny kaominina Antanambao Mahatsara, distrikan'i Vatomandry, dia miara-miasa amin'ny APDRA hatramin'ny 2016. Miompy trondro an-dobo barazy (20 ara no iompiana karazan-trondro samihafa : tilapia, karpa, vangolaopaka sy *gourami*) sy an-tanimbary betsaka koa izy. Manana tanimbary mirefy 3 ha izy ka ny 1,5 dia efa nampidirana karpa ary kasainy hampidirina tsikelikely amin'ny fotoam-pamokarana ho avy ny ambiny.



*Manisy tranom-bitsika ao an-dobony i Alexandre*

Tamin'ny 2019-2020, namokatra trondro vaventy manodidina ny 870 kg sy zana-trondro karpa miisa 12 000 izy. Namidy tao Vatomandry ny ankamaroan'ny trondro (800 kg) fa nisy tamin'ireo mponina manodidina koa tonga nividy tany aminy (100 kg). Io varotra an-tsaha io no manatevina ny tahirim-bolan'ny fianakaviana mandram-piandry ny famarotana ambongadiny rehefa tsy azo aleha ny lalana. Nohanina ny 30 kg tamin'ny ambin'ny trondro, nandoavana ny karaman'ny mpiasa tany ny 20 kg ary nomena ireo mpiompy trondro mipetraka eny amin'ny manodidina ho tambin'ny fiambenana ny 20 kg.

Atavizina ny ankamaroan'ny zana-trondro. Namidy tamin'ny faran'ny taona 2019 ny 2 700 ambiny ka nahazoana 1 850 000 Ariary. Vinavinaina ho 8 040 000 Ar (voakajy ao ny nohanina izay mitentina 240 000 Ar) ny totalim-bidin'ny trondro vaventy. Raha kajiana ny voka-bary (akotry 9 taonina) dia nahazoana tombony 18 050 000 Ar ny fiompiana an-tanimbary.

## Ny fiompiana trondro eny anivon'ny tantsaha, harena ho an'i Madagasikara

Hita fa manan-danja eo amin'ny tahirim-bolan'ny famokarana sy ny fianakaviana ny fiompiana trondro mitodika amin'ny tsena noho izy mampidi-bola amin'ny fotoana samihafa (oktobra sy novambra : varotra zana-trondro ; martsa : varotra trondro vaventy antsinjarany ; aprily sy may : varotra ambongadiny ao Vatondry). Tsy manahirana loatra ny tetiandron'asa noho ny fahafahana mitahiry ny trondro. Ankoatra izay, ny trondro dia vokatra azo hanina avy hatrany na atakalo, araka ny filàna amin'ny fotoana iray : vola, asa na taoraharaha mivantana.

### Fidiram-bola sy sakafo mety amin'ny rehetra

Ampahafantarina anareo eto ny zava-niseho tamin'ny fiompian-dRasoarivelo Christophine Josiane izay mipetraka ao Fandroana, ao amin'ny kaominina Ambalavolo, distrikan'i Vatondry. Nanomboka niompy trondro an-dobo barazy ny vadiny tamin'ny 2014, najanony anefa izany tamin'ny 2017 taorian'ny halatra sy fisomparana nahazo ny dobonny.

Tamin'ny 2018, niverina niompy trondro i Christophine ary nanao fitsidihana fifanakalozana momba ny fiompiana trondro an-tanimbary izay nokarakarain'ny APDRA eto afovoantany. Tapa-kevitra ny hifantoka amin'ny fiompiana trondro izy avy eo ka nirotsaka tamin'ny famokarana zana-trondro ary fanatavizana karpa sy tilapia an-tanimbary.

Tsy nandany vola loatra ny famokarana nataony satria ny mpianakavy ihany no nanatontosa ny asa sady tsy nampiasa akora hafa ka nahatratra 2 420 000 Ariary (2 100 000 ho an'ny zana-trondro karpa, 90 000 ho an'ny tilapia, 230 000 ho an'ny karpa) ny tombom-barotra tamin'ny 2019-2020. Izy koa no namatsy zana-trondro karpa (400) ireo zana-badiny izay vao tsy ela no nampiditra izany tao an-tanimbariny. Takalon'izay, omen'izy ireo azy ny atsasaky ny trondro vaventy vokariny.

Mitentina 700 000 Ar isan-taona ny saram-pianaran'ny zanany 4 izay mianatra eny amin'ny lycée Vatondry ny 2 amin'ireo ka vola azony amin'ny fiompiana trondro an-tanimbary no ahafahany miantoka izany. Afaka mandray anjara amin'ny fividianana ireo entana ilaina andavanandro (solitany, menaka,...) koa izy. Ho an'i Christophine dia fidiram-bola malaky izay tsy mbola nananany sady ahazoana sakafo ihany koa ny fiompiana trondro.

Ankoatra ny tombontsoa azon'ny fianakaviana dia mamelona ny tsehan'ny trondro vao eo an-toerana ary ao anaty faritra mitoka-monina izay tsy azo aleha amin'ny fotoanan'ny orana, ny fiompiana trondro ataon'i Christophine. Mitombo tsikelikely ny isan'ny mpiompy trondro ao an-toerana ary misy tambazotra manomboka miforona izay vokatry ny famokarana zana-trondro karpa ataon'i Christophine.

### Amoron'i Mania

## Trondro vokarin'ny tantsaha, trondro miantoka ny filàna rehetra

*Andriamihaja Alain Charles, antsoina hoe « Haja », manam-bady, manan-janaka 4, dia mivelona amin'ny fiompiana trondro ao Ambohimahazo, kaominina Sandrandahy, distrikan'i Fandriana.*

Nanomboka niompy trondro tamin'ny fomba nentim-paharazana i Haja tamin'ny taona 2000. Tamin'ny taona 2016, nahazo fiofanana mikasika ny teknika fiompiana trondro an-tanimbary tamin'ny APDRA izy.

### Mahazo vola

Famokarana zana-trondro no tena ataony ary 20 000 isan-taona eo ho eo ny vokatra. Amidiny amin'ny salam-bidy 250 Ar ny 15 000 amin'ireo. Ahazoany 3 750 000 Ar eo ho eo ny fivarotana izany. Omeny ny mpanatavy zana-trondro ny 5 000 ambiny mba hahazoany ampahany amin'ny vokatra miakatra. Manatavy ihany koa i Haja ka trondro vaventy hatramin'ny 120 kg isan-taona no azony. 100 kg eo ho eo no amidiny amin'ny 10 000 Ar /kilao isan-taona ka ahazoany 1 000 000 Ariary. Ataon'ny fianakaviana sakafo ny trondro tavela.

### Mamelona ny fianakaviana

Ahazoana tombony betsaka hoy i Haja ny fiompiana trondro. Nohamafisiny ny lanjan'izany tamin'ny filazàny hoe : « Raha tsy niompy trondro aho dia tsy hitako izay namelomako ny fianakaviako ». Ahafahany mandoa ny fandania fototra maro sy nampiasa vola mihitsy aza ny vola azony amin'izany : nividianany omby 3, nandoavany ny saram-pianarana sy nividianany ny fitaovam-pianaran'ny zanany 4 izay mitotaly 500 000 Ar isan-taona ary voaloany any am-piandohan'ny taom-pianarana. Ankoatra izay, mbola ny vidin'ny trondro

no andoavana ny fandania amin'ny fambolem-bary sy ny fambolena legioma (fividianana masomboly sy fandoavana ny karaman'ny mpiasa) : ao anatin'ny taom-pamokarana iray, mitentina 450 000 Ar ireo fandania ireo. Farany, ny fiompiana trondro koa no ahafahan'i Haja miantoka ny filàna andavanandro (sakafo, fitafiana, sns.) sy ny adidy eo anivon'ny fokontany (famadihana, didim-poitra, fahafatesana, sns.).



© APDRA 2020

Mamahana ny zana-trondrony i Haja



## Ny fiompiana trondro eny anivon'ny tantsaha, harena ho an'i Madagasikara

### Amoron'i Mania

## Halatra trondro, tsy iharan'ny sazy loatra kanefa miteraka fatiantoka ara-toekarena lehibe

*Iray amin'ireo sakana lehibe indrindra amin'ny fampandrosoana ny fiompiana trondro eto Madagasikara ny halatra trondro sy ny ankasomparana, indrindra ao amin'ny faritra Amoron'i Mania. Nangonin'ny APDRA ny tranga niseho nandritra ny herintaona mahery, hahafahana mikajy ny fatiantoka aterak'izany.*

Tamin'ny 2019, 104 ny isan'ny tranga voaray tao amin'ireo faritra afovoantany (Vakinankaratra, Amoron'i Mania, Itasy sy Matsiatra Ambony) iasan'ny APDRA, 15 tamin'ireo ankasomparana ary halatra ny 89. Nisy 34 ny tranga niseho tao Amoron'i Mania. Voakasika avokoa ny vokatra rehetra : trondro noatavizina, zana-trondro ary ray sy renintronro.

Tamin'ny 2019, very trondro vaventy 460 kg, zana-trondro miisa 100 000, renintronro 180 sy raintronro 190 ny mpiompy tao amin'ny faritra 4 vokatra ny halatra sy ankasomparana. Raha kajiana ny vidin'ny trondro vaventy, ny raintronro, ny renintronro sy ny zana-trondro dia mihoatra ny 32 tapitrisa Ariary ny fatiantoka ao anatin'ny taona. Ankoatra izay, hanin'ny mpangalatra ny renintronro ka very tanteraka noho izany ny vokatra tokony ho azo tamin'ny ary ambony ny taham-pahafatesan'ny zana-trondro very nohon'ny tsy fahatomombanan'ny fitaterana. Raha kajiana ny vidin'ny trondro vaventy mety ho azo tamin'ny renintronro

sy zana-trondro very dia mihoatra ny 920 tapitrisa Ariary ny fitambaran'ny fatiantoka. Ny mpiompy trondro fantatry ny APDRA ihany no voakasik'ireo tarehimarika miavaka ireo... ka tsy ampy araka izany ireo atontanisa ireo ary ambany lavitra miohatra amin'ny zava-misy !

Misy mpiompy trondro mitaraina fa tsy voatàna maharitra any am-ponja akory ireo mpangalatra. Tsy te hitory kosa ny sasany nohon'ny tahotra valifaty. Betsaka koa ny olona tsy mahalala ny zony vokatra ny tsy fahampian'ny fahalalana. Efa mivoatra tsikelikely anefa ny zava-misy. Mpiompy trondro iray avy ao amin'ny kaominina Tsarasaotra, distrikan'Ambositra, izao no nametraka fitarainana teo anivon'ny zandarimaria tamin'ny novambra 2019, iray volana taorian'ny fandefasana fandaharana an'onjampeo mikasika ny lalàna sy sazy mihatra amin'ny halatra trondro. Manomboka mivondrona ihany koa ny mpiompy trondro hiaraha-mametraka paikady enti-miady, fitsipika anatin'ny sy dina ifotony.

### Vakinankaratra

## Fiompiana trondro, fidiram-bolan'ny 75 isan-jaton'ny tantsaha ao Betafo

*Asehonay anareo amin'ny alalan'ny fijoroana vavolombelona maromaro ny lanjan'ny fiompiana trondro an-tanimbary eo amin'ny lafiny toekarena sy ara-bola ao Betafo.*

#### Randrianandrasana Emilson Jean Dauphin,

#### Tomponandraikitra ny jono sy ny fiompiana anaty rano

« Taorian'ny fanadihadiana nataonay, tsikaritra fa 75 isan-jaton'ny tantsaha ao Betafo no miompy trondro. Mamokatra zana-trondro manodidina ny 3 300 000 isan-taona ny mpiompy,

3 093 000 amin'ireo amidy ao amin'ny distrika ary 207 000 amidy any amin'ny faritra Menabe, Analamanga, Itasy, Alaotra Mangoro, Amoron'i Mania sy Atsinanana. Ny mpanatavy indray dia mamokatra 464 taonina eo ho eo isan-taona. Amidy ao Betafo matetika ny vokatra, amin'ny mpiantoka avy any Antsirabe (tsy miankina sy ny kaoperativa FIFIMPAVA).

Niroborobo ny fiompiana trondro an-tanimbary nanomboka tamin'ny 2013. Nitombo koa ny famokarana trondro vaventy satria nampiasa teknika nohatsaraina tahaka ny famahanana mifototra amin'ny provandy na akora hita eo an-toerana ny mpiompy trondro. Mamporisika ny tantsaha aho hanao io asa fiompiana trondro izay kely mason-karena io kanefa ahazoana tombony betsaka raha toa ka tsy vidiana ny sakafony. »

#### Randrianandrasana Jean Théophile (filoha),

#### Randrianandrainina Minovoahangy (mpitantsoatra),

#### Razafimanantsoa Jean Baptiste (mpanolon-tsaina),

#### kaoperativa KOMPAZABE, fokontany Andriamasoandro

« Manan-danja ho an'ny fokontany ny fiompiana trondro satria 95 isan-jaton'ny mponina no manao io asa io. Mitotaly 85 (mpamokatra zana-trondro sy mpivarotra) ny



Jean Théophile, filohan'ny kaoperativa KOMPAZABE



## Ny fiompiana trondro eny anivon'ny tantsaha, harena ho an'i Madagasikara

mpikambana ao amin'ny kaoperativanay. Ahafahanay manatsara ny zotram-pifandraisana sy ny varotra izany. Ahafahanay mizara teknika, mifanome tana amin'ny fitantanana ny rano sy ny fiarovana ny trondronay amin'ny halatra ihany koa.

Vinavinainay ho 3 400 000 ny isan'ny zana-trondro vokarin'ny kaoperativa satria manana renintrondro 5 eo ho eo ny mpikambana tsirairay ary zana-trondro manodidina ny 8 000 no avoakan'ny renintrondro iray. 100 Ar ny salam-bidin'ny zana-trondro eo amin'ny tsenan'i Betafo ary miakatra ny vidiny any ivelan'ny kaominina. Amin'ny vidiny farany ambany 40 Ar, mitentina 136 000 000 Ariary ny totalin'ny vola azon'ny mpikamban'ny kaoperativa. Mpanatavy, fikambanana sy tetikasa no mpanjifanay. Ao amin'ny tsenan-jana-trondron'i Betafo no fivarotanay ny vokatra fa afaka manatitra any amin'ny mpanjifa monina any amin'ny kaominina Betafo na faritra hafa koa izahay. »

### Razafimahatratra Tojoso Olivier, mpamokatra zana-trondro sady mpanatavy, fokontany Miantsoarivo

« Zana-trondro miisa 84 000 (12 000 isaky ny renintrondro) no azoko amin'ny renintrondro 7 ampiasaiko. 30 000 Ar ny sandan'ny renintrondro tsirairay. 100 Ar ny vidiny farany ambany indrindra ivarotako zana-trondro ka vola mitentina 8 400 000 Ar eo ho eo no azoko isaky ny taom-pamokarana.

Mamokatra trondro vaventy 200 kg isan-taona koa aho. Ahazoako 2 400 000 Ar izany satria amidiko 12 000 Ar ny kilao.

Ahazoana vola be ny fiompiana trondro miohatra amin'ny fandanianana ilainy. Ho an'ny famokarana zana-trondro, 12 isan-jaton'ny vola azo, izany hoe 1 008 000 Ar no laniko, miompana amin'ny fikojakojana ny toeram-pamokarana, ny famahanana, ny fanamasahana, ny fiambenana ary ny fitaterana ny vokatra izany. Voavaliko hatrany ny filan'ny mpanjifako na dia eo aza ny olan'ny tsy fahampian-drano ateraky ny fiovaovan'ny toetr'andro atrehiko matetika. »

### Vola miditra amin'ny mpiompy trondro an-tanimbary

Eo anelanelan'ny 39 000 Ar sy ny 66 000 Ar isam-bolana eo ny salan'ny vola miditra amin'ny mpanatavy ao amin'ireo faritra afovoantany iasan'ny APDRA, izany hoe 20 hatramin'ny 33 isan-jaton'ny karama farany ambany eto Madagasikara. Eo anelanelan'ny 160 000 Ar sy ny 300 000 Ar isam-bolana, izany hoe 80 hatramin'ny 150 isan-jaton'ny karama farany ambany no vola azon'ny mpamokatra zana-trondro. Tena mahasarika araka izany ny vola azo avy amin'ny fiompiana trondro an-tanimbary ary tena manatevina ny vola miditra avy amin'ny famokarana hafa.

## Itasy

# Ohatra iray maneho ny vokatra ara-toekaren'ny famokarana zana-trondro

Maneho ny vokatra ara-toekaren'ny famokarana zana-trondro, nokajiana avy tamin'ny atontanisa nalain'ny ekipan'ny APDRA misahana ny tolo-kevitra amin'ny famokarana tantanam-pianakaviana (CEF) teo anivon'ny tokantrano miisa 17 ity lahatsoratra ity.

Nandritra ny taom-pamokarana 2019-2020, tokantrano mpamokatra zana-trondro 19 tao Itasy no nanjohy ny atontanisa ara-teknika sy ara-toekaren'ny famokarana nataony. Nofakafakain'ny APDRA ary nofintininy ny


atontanisa voaangona. Nahafahana nikajy ny tombony sy nanadihady ny fandanianana nilain'ny famokarana zana-trondro izany.

Tsy mahakasika ny mpiompy rehetra ireo atontanisa ireo satria vondrona mpiompy vitsivitsy no nakana azy. Nahafantarana tsara ny fivezivezin'ny vola miasa amin'ny famokarana zana-trondro sy nahitana ny vokany ara-toekarena izay miova araka ny teknika nosafidiana anefa izany.

22 500 Ariary/ara (jereo ny sary eo ankavia) ny salan'ny fandanianana. Mirefy 10 ara ny salan'ny velaran-tanimbary ambolena sy iompian'ireo tokantrano 19 ireo, 225 500 Ariary isan-tokantrano isaky ny taom-pamokarana zana-trondro izany ny salan'ny fampiasam-bola.

95 000 Ariary/ara ny tombony, izany hoe voaefa ny fandanianana ary mahazo 95 000 Ariary isaky ny velaram-pamokarana iray ara izy ireo. 950 000 Ariary izany ny sala-tombony azon'ny tokantrano iray.

Araka ny fanadihadiana, 36 Ariary ny salan'ny famokarana zana-trondro iray ary 141 Ariary ny salam-bidin'ny. Mazava fa tsy mitovy ny zava-misy eo amin'ny samy mpamokatra



Fikajiana ny salam-pandaniana isaky ny velaram-pamokarana iray ara

## Ny fiompiana trondro eny anivon'ny tantsaha, harena ho an'i Madagasikara

zana-trondro na ny fomba famahanana fotsiny aza ohatra, ny mpiasa karamaina, ny vidin'ny ray sy reninondro, ny fahalavirana eo amin'ny mpamokatra sy ny mpanatavy, ny fotoana fivarotana, sns.

Raha tiana haharitra ny fampandrosoana ny fiompiana trondro dia tsara ny mitady ny marimaritra iraisana eo

amin'ny filàn'ny mpanatavy (fatra, vidiny) sy ny tolotry ny mpamokatra zana-trondro (fatra, sandan'ny famokarana) ka ikendren'ny roa tonta ny samy ahazoany tombony. Izany hoe misy ny zana-trondro rehefa vonona hiompy ny mpanatavy, amin'ny vidiny takatry ny besinimaro, sady ahazoan'ny mpamokatra zana-trondro tombony mahafapo.

### Itasy

## Trondro nompiana : ahoana ny fahitàn'ny mpivarotra sy ny mpanjifa azy ?

*Tao amin'ny tsenan'i Miarinarivo izahay no nifankahita tamin'Atoa Ponina, mpivarotra, sy Rtoa Perline, mpihinana trondro, izay nanome anay ny heviny mikasika ny trondro vokatra avy amin'ny fiompiana.*

### Fmt : Avy aiza ny trondro amidinao ?

**Atoa Ponina :** Avy amin'ny farihin'Itasy ny ankamaroan'ny trondro amidiko. Misy fotoana koa aho mivarotra trondro avy amin'ny mpiompy. Tsy mahavaly ny filàn'ny mpivarotra mandavantaona ny trondro avy amin'ny fiompiana. Vanim-potoana manokana mihitsy, aprily hatramin'ny jolay, amin'ny fotoam-pijinjana vary, no mampisy ny trondro avy amin'ny fiompiana.

### Fmt : Inona avy ny karazan-trondro amidinao ?

**Atoa Ponina :** Raha ny trondro avy amin'ny farihin'Itasy, ny tilapia no tena betsaka, misy trondro gasy sy fibata ary karpa ihany koa. Raha ny fatra indray dia miankina amin'ny fotoana. Ho an'ny trondro ompiana, karpa no betsaka miaraka amin'ny tilapia vitsivitsy sy trondro gasy.

### Fmt : Eo amin'ny kalitaony, misy fahasamihafana ve ny trondro nojonoina sy ny trondro nompiana ?

**Atoa Ponina :** Miovaova be ny haben'ny trondro nojonoina raha mitovitovy ny haben'ny trondro nompiana. Ankoatra izay, rehefa trondro avy amin'ny farihin'Itasy no vidiko dia efa maty matetika no tonga eto an-tsenana ary tsy vao intsony. Misy fatra angatahiko amin'ireo mpanjono miaramiasa amiko, 10 kg ohatra. Rehefa tsy mbola feno izany dia atambatr'izy ireo izay vokatra azony mandra-pahazo ny fatra ilaiko, tahiriziny ny trondro ka mihavery ny maha-vao azy. Ny trondro nompiana kosa anefa, alain'ny mpiompy, tsy fahanany mandritra ny fotoana fohy itahirizany azy ary amidiny amiko. Mbola velona matetika no sady vao kokoa izy ireo no tonga eto ambony latabatro.

### Fmt : Amin'ireo karazany roa ireo, inona no tena tadiavin'ny mpanjifa ?

**Atoa Ponina :** Araka ny fahitako azy dia samy manana ny tiany ny mpanjifa. Hitako anefa fa mora amidy kokoa ny trondro vao, mbola velona, mitaha amin'ny trondro efa maty. Ny trondro lehibe koa no tian'ny mpividy miohatra amin'ny madinika.



*Atoa Ponina, mpivarotra trondro ao amin'ny tsenan'i Miarinarivo*

### Fmt : Misy fahasamihafana ve ny vidin'ny trondro nompiana sy ny trondro nojonoina ?

**Rtoa Perline :** Eo anelanelan'ny 5 000 Ar sy 14 000 Ar/kg araka ny habeny ny vidin'ny trondro nojonoina. Ho an'ny trondro nompiana izay tsy fahita matetika ety an-tsenana kosa dia 12 000 Ar/kg ny vidiny farany ambany ary miova araka ny habeny izany.



## Mamatsy vola ny fiompiana trondro sahanim-pianakaviana mitodika amin'ny tsena i Guinée

Atoa Sidiki Keita no Talen'ny Agence Nationale de l'Aquaculture Guinéenne. An-taonany maro no nitolomany hampandrosoana ny fiompiana trondro mitodika amin'ny tsena.

Hatramin'ny taona 2000, niezaka nanohana fomba iray hampandrosoana ny fiompiana trondro amin'ny alàlan'ny fanampiana ireo famokarana madinika izay tantanam-pianakaviana ny governemanta gineana. Ankehitriny, tsapa fa ilain'ny olona ary maharitra kokoa ny fanohanana, ny fitantanana ary ny fanarahana io fomba famokarana io, hita amin'ny firoborobon'ireo mpiompy trondro vaovao izany. Ankoatra ny vina sy paikadin'ny governemanta, ny mpamatsy vola (Agence Française de Développement), ny APDRA ary ny sampana mpikaroka iraisam-pirenena Cirad no misahana ny fanatanterahana.

Tanàna mpiompy trondro miisa 200 sy toeram-pamokarana madinika 2 500 ankehitriny no hita ao amin'ny faritr'i Guinée forestière. Kely ihany ny vokatra (1,5 t/ha/taona) avoakan'ny toeram-pamokarana tsirairay, izay manaja ny tontolo iainana, miohatra amin'ny fiompiana lehibe kanefa manan-danja ny vokatra ny fiompian'izy ireo raha atambatra. Na dia lasa sakafo aza ny ampaham-bokatra (ho an'ny fianakaviana sy izay mila) azon'ireo toeram-piompiana madinika ireo, amidiny kosa ny ampahany betsaka (65 %)

amin'izany. Ahazoan'ny mpiompy trondro iray 5 000 000 GNF (2 090 700 Ariary) isan-taona eo ho eo, ohatra, ny fiompiana amin'ny toerana mirefy 0,30 ha. Izany no ahafahana miresaka famokarana tantanam-pianakaviana mitodika amin'ny tsena.



Atoa Sidiki Keita, Talen'ny Agence Nationale de l'Aquaculture Guinéenne

Tsara ny fanohizana ny famokarana trondro eo an-toerana sy tsara kalitao hahazoana anjara tsena manoloana ny trondro notahirizina tanaty lagilasy avy any Conakry renivohitra (any amin'ny 900 km mahery). Na dia manohana fomba fiompiana trondro hafa aza ny governemanta gineana dia manohy ny fanohanany io karazam-piompiana io. Araka izany, ny Ministeran'ny Fiompiana, ny Fiompiana anaty rano sy ny Toekarena An-dranomasina, miaraka amin'ny mpiaramiasa ara-bola sy teknika, dia manavao ny famatsiany io karazam-pamokarana ataon'ny tantsaha io, miaraka amin'ny tetikasa fampandrosoana PiscoFam (Pisciculture Commerciale et Familiale) izay manana tetibola 13,1 tapitrisa euros

ao anatin'ny 5 taona. Anisan'ny tanjona trararina koa ny fananana mpiompy vaovao miisa 3 000 sy ny fanatsarana ny famokaran'ny 1 500 hafa, hahatrarana dobo mitotaly 1 350 ha.

## TARATASIN'NY MPAMAKY

### Fahitàn'ny mpamaky ny FMT n° 46

« Tsy mifanalavitra amin'ny aty aminay ny zava-misy any Amoron'i Mania, efa an-dalampan-dresena ny halatra izahay izao fa ny olan'ny rano no mbola hiadiana. Ny angatahinay aty dia ny mba handefasana ny lalàna mifehy ny halatra amin'ny onjampeo. » Fikambanana Hery Miray (Tatadratsy, Andoharanomaitso)

- Valin-tenin'ny APDRA : Hojerenay miaraka amin'ny tompon'andraikitra any amin'ny faritra ny fomba mety ahafahana mandefa ny lalàna mikasika ny halatra amin'ny onjampeo.

« Mifameno ny lahatsoratra an-gazety nataon'i Matsiatra Ambony sy Amoron'i Mania ary Atsinanana. Ny fikambanana no hery, miainga aty ifotony ny asa, ary io no mitondra any amin'ny fiombonana araka ny nolazain'i Amoron'i Mania hananganana ny dina rehefa mitambatra ny mpiompy trondro. » Mama Rasoa (Vohitsambo Sakaviro)

« Tsara ny hataon'i Hery Miray, io koa no tanjon'ny FMTR (Fikambanana Mitantana ny Tontolon'ny Rano) satria ny fiompiana trondro tsy be asa. Saingy raha mandalo indray mandeha ny mpangalatra dia foana ny herim-po rehetra. Misy ny miray tsikombakomba eto an-tanàna rehefa misy mangalatra ny trondro, tsy milaza ny mpangalatra na mahalala aza. Zava-dehibe io ataon'ny Hery Miray io satria sady mampidi-bola ho an'ny mpiompy no mitaiza ny mpiara-monina. » Rasolo, filohan'ny FMTR (Manarinony Sakaviro, larintsena)

« Tena tsara ny fanaovana vavolombelona tahaka ny tany ltasy sy Vakinankaratra. Ny aty aminay dia ny mpamosavy zana-trondro no misy nefa mitovy amin'ny mpangalatra ihany satria very ny nantenaina. Efa eo ny fikambanana miara-miambina fa izahay ao an-trano izao hanorina trano kely eny an-tanimbary hiambenana ny zana-trondro. » Zefa (Ambalavory, Androy)

« Raha nahita ny lahatsoratra tao amin'ny gazety laharana faha 46 izahay dia liana tamin'ny fametrahana dina mifehy ny fiompiana trondro ao anatin'ny kaominina mba hiadiana amin'ny halatra trondro. Mikasa ny handroso izany hevitra izany eo anivon'ireo mpiompy trondro ao anatin'ny kaominina izahay ary maniry ny hiara-hiasa amin'ny ben'ny tanàna amin'ny fametrahana izany » Andriamitovy Noely Mamy sy Ranaivosona Justin (Tatamalaza)

« Mahaliana ilay fananganana fikambanana mpiompy trondro sy hametrahana dina hiadiana amin'ny halatra trondro saingy mila fandresen-dahatra olona betsaka hisehatra amin'ny fiompiana trondro ka hivondrona sy hiray dina mba hatanjaka tsara ny dina apetraka. » Razafimahafaly Antoine (Alakamisy Ambohijato)

« Tsara ilay vangolapoaka fa tsy mety amin'ny toetr'andro aty afovoantany satria mangatsiaka loatra. » Randriamampionona Joseph (Alakamisy Ambohijato)

« Inona ilay asa omena ny ankizy mba tsy hangalarany intsony, satria voalaza ao anatin'ny gazety fa ireo tanora tsy manan-katao ny mangalatra ? » Randrianarisaona (Marosoa)

- Valin-tenin'ny APDRA : Mamporisika ny tanora hamboly ny Hery Miray mba hananany vokatra azy ireo manokana.

« Nahafahako nanoso-kevitra ny mpikambana tamiko tamin'ny famolavolana ny dina teo anivon'ny vovonan'ny mpiompy trondro ato anatin'ny kaominina Tsaraosatra ny famakiako ny LVRP 46 mahakasika ny dina sy ny halatra trondro. » Rabemananjara Donatien (Tsarasatra)


« Gaga aho raha namaky ny gazety LVRP 46 mahakasika ny dina sy halatra trondro ka nahita fa vola be dia be no very amin'ny halatra trondro izay tsy dia nanaitra ny olona loatra ny mahare hoe misy trondro very izany. » Andriamamonjy Jean Claude (Tsarasatra)



# SAMIHAFI

## RARINTENY


Fenoy amin'ny alàlan'ny famaritana etsy ambany ny karakara



- |   |  |
|---|--|
| 1. Fitaovana ampiasaina amin'ny fifanakalozana ara-barotra                    | 4. Fahatsapana fitadiavana ateraky ny tsy fisiana      |
| 2. Olona miaina eny ambanivohitra ary mivelona amin'ny fiompiana sy fambolena | 5. Asa famelomana ny fiahiana ary fikarakarana ny biby |
| 3. Zavatra hanina isan'andro hiantohana ny fahaveloman'ny vatana              | 6. Fitambaran'ny ray sy ny reny ary ny zanaka          |
|   | 7. Vola na zavatra ananana betsaka                     |

Valiny :  
1. Vola  
2. Tamiasa  
3. Sakato

4. Filana  
5. Fiompiana  
6. Fianakaviana  
7. Harana



## Sambôsa trondro

### Fangaro :

Fonona sambôsa 20  
Nofon-trondro 400 g  
Tongolo poireau fehezany 1  
Tongolobe voatetika manify 1  
Cumin voatoto 1, 5 sotre kely  
Tamotamo voatoto 3 sotre kely  
Kotomila voatetika

Solila voatetika  
Sira (araka izay itiavana azy)  
Menaka 3 sotre fihinanana +  
menaka fanendasana  
Lafarinina 3 sotre fihinanana  
sy rano kely hampiraikitra ny  
sambôsa

### Fikarakarana

- Masahina anaty menaka mafana ny nofon-trondro, ny tongolobe voatetika manify. Arotsaka ny tongolo maitso, ny kotomila sy ny solila voatetika manify rehefa masaka ny nofon-trondro ary haroina tsara.



Sambôsa trondro

- Avela mandritra ny 2 na 3 minitra eo ambonin'ny afo antonony. Arotsaka ny hanitra sy ny sira.
- Tapahina 3 ny fonona sambôsa. Ahorona rehefa avy nasiana nofon-trondro iray sotre kely feno tsara.
- Endasina anaty lapoaly misy menaka mafana ny lafiny 2.

Mazotoa homana ô !



APDRA  
Pisciculture Paysanne  
Antenne Madagascar  
La Résidence Sociale  
Antsirabe - MADAGASCAR  
Tél. (261) (20) 44 489 89  
www.apdra.org  
lvrp@apdra.org

Talen'ny Famoahana  
Barbara Bentz  
Tonian'ny Fanoratana  
Sidonie Rasoarimalala  
Mpanoratra  
Herisoa C. Andrianantenaina  
Clémentine Maureaud  
Chloé Van Moere  
Julien Sadousty  
Josia Ramananjaona  
Sandy Ramangasalama  
Narcisse Randrianasolo  
Eric Razafimandimby